# Aza mianatra fahalalana Ianareo ka ho entina hifaninanana amin' ireo manam-pahalalana, na koa ho entina hanambanina ireo tsy mahalala

Tatitra azo avy tamin'i Jàbir bin Abdillah (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Aza mianatra fahalalana Ianareo ka ho entina hifaninanana amin' ireo manam-pahalalana, na koa ho entina hanambanina ireo tsy mahalala, na koa ho entina hahazoana toerana tsara, fa izay manao izany dia Afobo Afobe".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Ibn Màjah]

Nampitandrina i Mpaminany (S.A.W) ny amin'ny fitadiavana fahalalana noho ny fireharehana sy ny fisehosehoana amin'ireo manam-pahaizana, na ny hanehoana fa manam-pahaizana toa anareo aho, na entina miresaka sy miady hevitra amin'ireo bado sy malemy- saina, na koa hianarana mba hazoana toerana, omena laharam-pahamehana noho ny hafa. Fa izay manao izany dia; miendrika Azy tokoa ny Afobe noho ny fisehosehoany amin'ny Asany ary tsy fisian'ny fahadiovam-po amin'ny fitadiavany ny fahalalana ho an'i Tompo Allah.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee